



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiafana - Tenindrazana - Fandrosoana

ANTENIMIERAMPIRENENA



TOLO-DALANA LAHARANA 001-2021/PL mikasika ny zom-pirenena malagasy

atolotry ny Solombavambahoaka Dr. FIAROVANA Lovanirina Célestin sy ireo namany

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Ny zo hanana zom-pirenena dia zo fototra amin'ny maha-olona izay tondroina ho « zo ahafaha-manana ireo zo hafa ». Ny zom-pirenena dia heverina ho toy ny rohy araka ny lalàna eo amin'ny olona iray sy ny Firenena, ilaina mialoha izy mba hisitrahana ireo fahalalahana hafa sy ireo zo fototra.

Ny Fanambarana iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona (DUDH) diamilaza ao amin'ny andininy 15 fa « *Manan-jo hizaka zom-pirenena ny isambatan'olona. Tsy misy olona azo verezin-jo tsy amin'ny rariny na raràna tsy hiova zom-pirenena* ». Ny andininy 6 andàlana 2 amin'ny Lalàmpanorenana dia milaza ihany koa fa « *mitovy zo ny olona rehetra eo anatrehan'ny lalàna, samy manana fahalalahana fototra arovan'ny lalàna ary tsy misy fanavakavahana na amin'ny maha-lahy na amin'ny maha-vavy, na amin'ny fari-pahalalàna, na amin'ny fari-piainana, na amin'ny fihaviana, na amin'ny finoana, na amin'ny tsy fitovian-kevitra* ». Ny famakiana miaraka ireo andininy roa ireo dia ahafahana misintona fa manan-jo hizaka zom-pirenena ny olon-drehetra.

Ny rijatenin-dalàna ifehezana ny zom-pirenena malagasy dia noraisina taorian'ny fahazoana ny fahaleovan-tena. Ny hitsivolana laharana faha-60-064 tamin'ny 22 jolay 1960 anaovana Fehezan-dalàna momba ny zom-pirenena, izay nasiam-panovana maro miantoana, dia ahitànafepetra samihafa izay zary sakana amin'ny fisitrahana faobe ny zo hizaka zom-pirenena. Ireo fanovàna lehibe nentin'ny lalàna laharana faha-2016-038 tamin'ny 25 janvier 2017 dia tsy mbola nahafahana manafonana ireo fepetra miharo fanavakavahana mifototra amin'ny maha-lahy na ny maha-vavy, ny kilema, ny fihaviana na hafa.

Izao lalàna izao dia mikendry ny hitondra ireo fepetra fanitsiana takiana mba hahafaha-miantoka fa ny zo hizaka zom-pirenena dia azon'ny olon-rehetra isitrahana. Noraisina izy mba hampifanarahana ny lalàna malagasy amin'ireo fifanarahana iraisam-pirenena sy iraisam-paritra izay nankatoavin'i Madagasikara mikasika ireo zo maha-olona toy ny Fanambarana iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona voatsiahy etsy ambony, ny Fifanarahana iraisam-pirenena mikasika ny zon'ny isam-batan'olona sy ara-politika, ny Fifanarahana mikasika ny fanafonana ireo endrika fanavakavahana rehetra mihatra amin'ny

vehivavy, ny Fifanarahana mikasika ireo zon'ny ankizy ary ny Sata afrikanina momba ireo zo sy ny fahatsaran'ny zaza, izay miompana amin'ny zon'ny ankizy hizaka zom-pirenena ary koa ny fitovian'ny vehivavy sy ny lehilahy mikasika ny fahazoana, ny famindrana, ny fiovana ary ny fitehirizana ny zom-pirenena. Izao lalàna izao dia ahafahana ihany koa manafoana ireo fepetra ombam-panavakavahana mbola mitoetra, mamaha ny tsy fisian'ny fiarovana mikasika ny mety ho tsifananantsata ary manome fahalalahana momba ny fisitrahana'ireo olom-pirenena malagasy zom-pirenena hafa.

Isan'ireo fanavaozana lehibe entin'izao lalàna izao :

- ny fandrindrana sy ny fanitsiana ny lalàna malagasy hifanaraka amin'ireo Fifanarahana iraisam-pirenena izay maha-mpikambana an'i Madagasikara ;
- ny fanomezana ny zom-pirenena ho an'ny zaza teraka eto Madagasikara, izay tamin'ny fotoana nahaterahany, dia tsy afaka nisitraka ny zom-pirenena na avy amin'ny firenena iray aza, ary koa ny zaza hita teto Madagasikara sy teraka teto Madagasikara ka tsy fantatra ireo raïaman-dreniny ;
- ny fanovàna ireo fepetra araka ny lalàna mikasika ny fahaverezana sy ny fanesorana ny zom-pirenena ;
- ny fanafoanana ireo fepetra ombam-panavakavahana mbola tavela mifototra amin'ny maha-lahy na ny maha-vavy, ny kilema, ny fihaviana na hafa ;
- ny fampifanarahana amin'ny toetrandro ireo fepetra mifandraika amin'ny fanomezana zom-pirenena, ka hofaritana amin'ny alàlan'ny didy amam-pitsipika ireo fombafomba fampiharana azy.

Ahitàna andininy roa ambiny fitopolo (72) izao lalàna izao ary mitsinjara ho lohateny fito :

- Lohateny voalohany. Fepetra ankapobeny ;
- Lohateny II. Ny amin'ny fananana ny zom-pirenena malagasy ho zom-pirenena fototra ;
- Lohateny III. Ny amin'ny fahazoana ny zom-pirenena malagasy ;
- Lohateny IV. Ny amin'ny fahaverezana, ny fanesorana sy ny famerenana indray ny zom-pirenena malagasy ;
- Lohateny V. Ny amin'ireo fepetra sy endrik'ireo sora-draharaha mikasika ny fahazoana sy ny fahaverezan'ny zom-pirenena malagasy ;
- Lohateny VI. Ny amin'ny fifanolanana momba ny zom-pirenena ;
- Lohateny VII. Fepetra samihafa sy farany.

Izany sy izany no antonanton'izao lalàna izao.



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ANTENIMIERAMPIRENENA



TOLO-DALANA LAHARANA 001-2021/PL mikasika ny zom-pirenena malagasy

LOHATENY VOALOHANY FEPETRA ANKAPOBENY

Andininy voalohany.- Ho fampiharana ireo fepetra entin'ny andininy 95.3 amin'ny Lalàmpanorenana, izao lalàna izao no ifehezana ny zom-pirenena malagasy.

Faritany indrindra amin'izany ireo fepetra mikasika ny fananana, ny fahazoana, ny fahaverezana, ny fanesorana, ny fifanolanana momba ny zom-pirenena ary koa ireo vokany.

Andininy 2.- Araka izao lalàna izao :

- ny tsimanantsata dia manondro ny olon-drehetra izay tsy heverin'ny Firenena na dia iray aza ho olom-pirenena araka ny fampiharany ny lalàny ;
- ny fahafenoan-taona dia iraka ambiny roapolo taona feno ;
- ny fanomezana ny zom-pirenena dia ny fahazoanany zom-pirenena malagasy noho ny fanapahan-kevitra ny manam-pahefana ;
- ny fananan-toetoetra dia ny trangan'ny olona iray hita ivelany, ka ny fitondrantena, ny lazany, sy ny fiantsoana azy dia mampiharihary ireo singa mandrafitra ny sora-piankohonany toy ny rohim-pianakaviana, ny fifandraisana toy ny mpivady, ny zom-pirenena na ny mahalaly na mahavavy azy.

LOHATENY II NY AMIN'NY FANANANA NY ZOM-PIRENENA MALAGASY HO TOY NY ZOM-PIRENENA FOTOTRA

Andininy 3.-Tondroina ho Malagasy :

1. ny zaza nateraky ny ray na reny malagasy ;
2. ny zaza teraka eto Madagasikara izay, tamin'ny fotoana nahaterahany, dia tsy afaka nisitraka zom-pirenena na avy amin'ny Firenena aiza na aiza ;
3. ny zaza nozanahana ara-pitsarana raha toa ka Malagasy ny iray farafahakeliny amin'ireo raiamandreny nanao ny fananganana.

Mihatra amin'ireo zaza teraka mialoha ny vaninandro fampiharana izao lalàna izao ireo fepetra entin'izao andininy izao.

Andininy 4.-Malagasy ny zaza hita eto Madagasikara.

Ny zaza hita eto Madagasikara dia heverina, raha toa ka tsy misy porofo mifanohitra amin'izany, ho toy ny teraka teto. Na dia izany aza anefa, dia heverina ho toy ny tsy Malagasy velively ny zaza, raha toa ka mandritra ny tsy fahafenoan-taonany, ny fianahany dia voatondro amin'ny vahiny na lahy na vavy ary koa, raha toa izy ka manana ny zom-pirenen'ny mpamorona azy, araka ny lalàm-pirenen'izany.

Mihatra amin'ireo zaza teraka mialoha ny vaninandro fampiharana izao lalàna izao ireo fepetra entin'izao andininy izao.

Andininy 5.- Ny zaza izay Malagasy noho ireo fepetra entin'izao lohateny izao dia heverina ho toy ny Malagasy hatramin'ny fahaterahany, na dia tsy voaporofa raha tsy taorian'ny fahaterahany aza ny fisian'ireo fepetra takian'ny lalàna ho an'ny fisitrahana ny zom-pirenena malagasy.

Na dia izany aza anefa, amin'ity tranga farany ity, ny fisitrahana ny maha-Malagasy hatramin'ny fahaterahana dia tsy manohintohina ny mampitombina ireo sora-draharaha nataon'ny voakasika na ireo tombontsoa efa fandrain'ireo olon-kafa mifototra amin'ny zom-pirenena hita ivelany ananan'ny zaza.

Andininy 6.-Tsy mitera-bokatra mikasika ny fisitrahana zom-pirenena malagasy ny fianahana raha toa ka tsy voaporofa araka ireo fepetra faritan'ny lalàna laharana faha-63-022 tamin'ny 20 novambra 1963 mikasika ny fianahana, ny fananganan-jaza, ny fanarian-jaza sy ny fiahian-jaza ary koa ireo rijan-teny nenti-nanova azy.

Andininy 7.-Raha toa ny fianahan'ny zaza ivelan'ny fanambadiana ka mifototra, ho an'ny ray sy ny reny, amin'ny alàlan'ny sora-draharaha mitovy na ny didim-pitsarana mitovy, dia heverina ho toy ny natao mialoha ho an'ny reny izany.

LOHATENY III

NY AMIN'NY FAHAZOANA NY ZOM-PIRENENA MALAGASY

Toko voalohany

Ny amin'ny fahazoana ny zom-pirenena noho ny fananganan-jaza

Andininy 8.-Ny zaza nanaovan'ny olona mizaka ny zom-pirenena malagasy iray fananganana tsotra, ambarampahatongan'ny fahafenoan-taonany, dia mahazo ny zom-pirenena malagasy, raha toa ka efa nipetraka dimy taona teto Madagasikara, amin'ny fotoana nanaovany ny fanambarana.

Ho amin'izany, ny mpangataka dia mahazo ny zom-pirenena malagasy amin'ny vaninandron'ny fanambarana.

Andininy 9.-Ao anatin'ny herin-taona manaraka ny fanambarana, dia azon'ny Governemanta atao, amin'ny alàlan'ny didim-panjakana, ny manohitra nyfahazoana ny zom-pirenena malagasy araka ireo antony izay hofaritana amin'ny alàlan'ny didy amam-pitsipika.

Toko II

Ny amin'ny fahazoana ny zom-pirenena noho ny fanambadiana

Andininy 10.- Ny olona vahiny izay manambady olona mizaka ny zom-pirenena malagasy dia afaka mahazo ny zom-pirenena malagasy amin'ny alàlan'ny fanambarana, aorian'ny fepotoana iaraha-monina dimy taona miantomboka amin'ny fankalazana ny fanambadiana, raha toa ka mipetraka eto Madagasikara ireo mpivady ary raha toa ka nitahiry ny zom-pireneny ny vady malagasy. Manjary fito taona ny fepotoana iaraha-monina raha toa ka tsy mipetraka eto Madagasikara ireo mpivady.

Tsy takiana ny fepotoana iaraha-monina raha toa ka manary ny zom-pireneny ny mpanambady vahiny vokatr'ireo fepetra entin'ny lalàm-pireneny.

Andininy 11.- Ny olona tsimanantsata manambady Malagasy na lahy na vavy dia mahazo ny zom-pirenena malagasy amin'ny alàlan'ny fanambarana. Tsy misy fepotoana iaraha-monina takiana ho amin'izany.

Andininy 12.-Ny fanambaran'ny olona iray fate hahazo ny zom-pirenena malagasy izy dia tsy maintsy atao manoloana ny Lehiben'ny sora-piankohonana farafahatarany amin'ny fotoana fankalazana ny fanambadiana.

Amin'ny fotoana anambaran'ireo mpivady ny fikasany hivady, dia ampahafantarina ny vahiny na ny tsimanantsata ny fahafahany mitaky ny zom-pirenena malagasy.

Atao sosony roa ny fanambarana ka ny iray dia omena ny mpanambara ary ny iray hafa dia ampiarahina amin'ny soson'ny sora-panambadiana ka ampitaina amin'ny Ministry ny Fitsarana mba horaketina an-tsoratra araka ireo fepetra entin'ny andininy 40 amin'izao lalàna izao.

Andininy 13.- Ao anatin'ny fe-potoana roa taona miantomboka amin'ny fankalazana ny fanambadiana, ny Governemanta dia afaka manohitra amin'ny alàlan'ny didim-panjakana ny fahazoana ny zom-pirenena malagasy.

Raha toa ka nankalazaina tany ivelany ny fanambadiana, izany fepotoana izany dia miantomboka amin'ny fanoratana ny sora-draharaha anatin'ny rejistry ny sora-piankohonan'ireo masoivoho malagasy na, amin'ny vaninandro nanaovana ny fametrahana ny sora-draharaha eo anivon'ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny taorian'ny fahatapanan'ny fifandraisana ara-diplomatika na ny fikatonan'ny masoivoho mahefa eo an-toerana.

Andininy 14.- Raha toa ka nambara ho foana ny fanambadian'ny olona vahiny na tsimanantsata tamin'ny Malagasy iray, avy amin'ny alàlan'ny fanapahana noraisin'ny Fitsarana malagasy na tsy maintsy ampiharina eto Madagasikara, izany fanafoanana notononina izany dia tsy hanana fiantraikany amin'ny zom-pirenena efa nositranan'ny olona araka ireo andininy 10 hatramin'ny 13 amin'izao lalàna izao, raha toa ny fanambadiana ka notanterahin'izany olona izany tsy misy fitaka.

Ny olona izay nanao am-pitaka ny fanambadiana dia heverina ho toy ny tsy nahazo velively ny zom-pirenena malagasy.

Na dia izany aza anefa, raha toa ny fanankerezan'ireo sora-draharaha natao alohan'ny fanapahana ara-pitsarana nenti-manafoana ny fanambadiana ka miankina amin'ny fahazahoan'ilay olona ny zom-pirenena malagasy, dia tsy azo toherina izany fanankerezana izany noho ny antony hoe tsy afaka nahazo izany toetoetra izany ilay olona.

Andininy 15.- Ny fanafoanana ny fanambadiana dia tsy hisy fiantraikany amin'ny zom-pirenen'ireo ankizy vokatry ny fanambadiana raha toa ka notanterahin'ny iray amin'ireo mpivady tsy misy fitaka izany.

Andininy 16.- Ankoatra ireo fepetra entin'ireo andininy 13 sy 40 amin'izao lalàna izao, dia mahazo ny zom-pirenena malagasy amin'ny vaninandro izay nametrahana ny fanambarana ny voakasika.

Toko III **Ny amin'ny fanomezana ny zom-pirenena**

Article 17.-Tsy azo ekena nyfanomezana ny zom-pirenenaraha tsy ho an'ireo an'ny vahinymahafeno ireto fepetra manaraka ireto :

1. manana valo ambiny folo taona katroka ;
2. mbola tsy nahazo fanamelohana hiditra an-tranomaizina mihoatra ny iray taona. Azo raisina ireo fanamelohana higadra notononina tany ivelany ;
3. manana taratasy ara-dalàna ahafaha-mipetraka amin'ny fotoana ametrahana ny fangatahana, raha tsy hoe tsimanantsata na tsy afaka manaporofy ny zom-pireneny ny olona mpangataka ;
4. manana fonenana marim-pototra eto Madagasikara mandritra ny folo taona mialoha ny fametrahana ny fangatahana ary nitahiry izany fonenana izany amin'ny fotoana anaovan-tsonia ny didim-panjakana momba ny fanomezana ny zom-pirenena ;
5. manaporofy ny fitovian'ny vondrona malagasy, indrindra avy amin'ny fahafantarana ampy, araka ny fepetra momba azy, ny tenim-pirenena malagasy.

Andininy 18.-Azo ekena tsy misy fepetra fizarana ny fanomezana zom-pirenena avy amin'ny manam-pahefana ho an'ny :

1. olona vahiny izay nahavita asa lehibe ho an'i Madagasikara, toy ny fitondrana talenta ara-tsiansa, artistika, ara-haisoratra na ara-panatanjahan-tena, ny fampidirana indostria na famoronana ilaina, ny fananganana orin-draharaha ara-indostria na fitrandrahana ara-pambolena ary, amin'ny ankapobeny, ny olona izay ny fanomezana zom-pirenena azy dia mitondra tombontsoa manokana ho an'ny Repoblikan'i Madagasikara ;
2. ireo olona teraka teto Madagasikara talohan'ny fahaleovan-tena ary nipetraka maharitra eto Madagasikara, ary koa ny zanak'izy ireo ;
3. ireo olona manana fonenana eto Madagasikara talohan'ny fahaleovan-tena ary manana zanaka teraka tao ;
4. ireo teratanin'ny firenena izay manana fifanarahana roa tonta mikasika ny fifindra-monina amin'i Madagasikara.

Andininy 19.- Ankatoavina amin'ny alàlan'ny didim-panjakana ny fanomezana zom-pirenena avy amin'ny manam-pahefana.

Ferana amin'ny alàlan'ny didy amam-pitsipika ireo fombafomba fampiharana izao andininy izao.

Toko IV

Fepetra iombonana ho an'ireo tranga fahazoana ny zom-pirenena malagasy

Andininy 20.-Ny olona izay efa niharan'ny didim-pitondrana fandroahana na fampihitsoham-ponenana dia tsy azo ekena hisitraka ireo fepetra entin'izao lohateny izao raha tsy hoe nofoanana arka ireo endrika nandraisana azy ilay didim-pitondrana.

Ny fonenana eto Madagasikara mandritra ny faharetan'ny fepetra ara-panjakana voalaza etsy ambony dia tsy raisina anatin'ny fikajiana ny fizarana voalazan'ny andininy 17.4 amin'izao lalàna izao.

Andininy 21.-Ny tsy ampy taona manana valo ambiny folo taona dia afaka mitaky ny zom-pirenena malagasy ka izany dia tsy mila fanomezan-dàlana.

Raha toa izy ka feno enina ambiny folo taona, fa tsy mahafeno valo ambiny folo taona, dia tsyazony atao ny mitaky ny zom-pirenena malagasy raha toa izy ka tsy nahazo fanomezan-dàlana avy amin'ny olona izay misolo tena azy amin'ireo sora-draharaha eo amin'ny fiainan'ny isam-batan'olona, araka ny lalàna malagasy.

Raha toa ka latsaky ny enina ambiny folo taona ny zaza tsy ampy taona, dia hefain'ny mpisolo tena azy araka ny lalàna ny fitakiana.

Toko V

Ireo vokatry ny fahazoana ny zom-pirenena malagasy

Andininy 22.- Ny olona izay nahazo ny zom-pirenena malagasy dia misitraka miantomboka amin'ny vaninandron'ny fahazoana izany ireo zo rehetra ary iharan'ireo adidy rehetra mifandraika amin'ny maha-Malagasy azy.

Andininy 23.-Ny zaza tsy ampy taona dia tonga Malagasy tsy misy fepetra raha toa ka nahazo ny zom-pirenena malagasy ny iray amin'ireo raiaman-dreniny izay ifangiran'ny fianahany.

Andininy 24.-Ireo fepetra entin'ny andininy teo aloha dia tsy ampiharina :

1. amin'ny zaza tsy ampy taona manambady ;
2. amin'ny olona izay nanao na manao raharaha miaramila any amin'ny firenena nihaviany ;
3. amin'ny olona izay niharan'ny didim-panjakana mitsipaka ny fahazahoany ny zom-pirenena malagasy.

LOHATENY IV
NY AMIN'NY FAHAVEREZANA, NY FANESORANA SY NY FAMERENANA
INDRAY NY FIZAKANA NY ZOM-PIRENENA MALAGASY

Toko voalohany
Ny amin'ny fahaverezan'ny zom-pirenena malagasy

Andininy 25.- Very ny zom-pirenena malagasy ho an'ny olona rehetra manana ny zom-pirenena malagasy, na dia tsy ampy taona aza, ary manana zom-pirenena vahiny, ka manao fanambarana momba izany manoloana ny Fitsarana ambaratonga voalohany mahefa eo amin'ny toeram-ponenany. Ny zaza tsy ampy taona, raha toa ka misy izany, dia tsy maintsy mahazo fanomezan-dalàna na fisoloan-tena araka ireo fepetra entin'ny andininy 21 amin'izao lalàna izao.

Atao sosony roa ny fanambarana ka ny iray omena ny mpanambara ary ny iray dia ampitain'ny Fitsarana amin'ny Minisitry ny Fitsarana izay manana fepotoana enim-bolana manomboka amin'ny vaninandron'ny fanambarana mba hanaovana ny fanoherana.

Raha toa ka misy fanoherana, ny Minisitry ny Fitsarana dia tsy maintsy mampahafantatra ny mpanambara, omban'antony ny fanapahan-kevitra raisiny. Raha ny mifanohitra amin'izany no mitranga, ny fanambarana dia ampahafantariny ny besinimaro amin'ny *Gazetim-panjakan'*ny Repoblika ao anatin'ny fepetra faritan'ny andalana etsy aloha.

Andininy 26.- Ny olona rehetra mizaka ny zom-pirenena malagasy izay very ny zom-pireneny dia tsy iharan'ny vesa-pitokisana amin'i Madagasikara intsony amin'ny vaninandro ampahafantarana ny besinimaro ny fanambarany ao amin'ny *Gazetim-panjakan'*ny Repoblika.

Andininy 27.- Ny olona mizaka ny zom-pirenena malagasy izay manambady vahiny dia mitazona ny zom-pireneny na dia manambara miharihary ny faniriany hahazo, araka ny lalàm-pirenen'ny vadiny, ny zom-pirenen'ity farany.

Ny fanambarana dia atao araka ireo endrika sy fepotoana tondroin'ny andininy 12 amin'izao lalàna izao.

Andininy 28.- Ny olona mizaka ny zom-pirenena malagasy izaymitoetra any amin'ny firenen-kafa dia mitazona hatrany ny zom-pireneny na dia manambara miharihary ny faniriany hahazo, araka ny lalàm-pirenen'ny firenena onenany, ny zom-pirenen'ity farany.

Ireo fepetra entin'izao andininy izao dia mihatra amin'ireo olona rehetra manana zom-pirenena malagasy mitoetra any amin'ny firenen-kafa talohan'ny fampiharana izao lalàna izao.

Amin'izany dia mbola mihatra aminy ny vesa-pitokisana amin'i Madagasikara.

Toko II

Ny amin'ny fanesorana ny zom-pirenena malagasy

Andininy 29.- Ny olona vahiny izay nahazo ny zom-pirenena malagasy dia azo esorina, amin'ny alàlan'ny didim-panjakana, ny zom-pirenena malagasy ananany :

1. raha toa izy ka niharan'ny sazy noho ny heloka tondroina ho heloka bevava mavesatra manohintohina ny filaminana anatiny na ivelan'ny Firenena ;
2. raha toa izy ka niharan'ny sazy noho ny heloka tondroina ho heloka bevava na fandikan-dalàna voalaza sy voasazin'ireo andininy 109 hatramin'ny 131 ao amin'ny Fehezan-dalàna famaizana, na fanompàna na famingavingana ny Lalàmpanorenana na ireo Andrimpanjakan'ny Repoblika.

Tsy ampiharina ny fanesorana raha toa ka mitarika tsifananantsata ho an'ny voakasika izany.

Andininy 30.- Ny fanesorana dia tsy mahakasika ireo zanaka na ny vadin'ny olona niharan'ny fanesorana ny zom-pirenena.

Toko III

Ny famerenana indray ny fizakana ny zom-pirenena malagasy

Andininy 31.- Ekena amin'ny alàlan'ny didim-panjakana ny famerenana indray ny fizakana ny zom-pirenena malagasy.

Andininy 32.- Mety ho azo amin'ny taona rehetra ary tsy mila fepetra fizaranany famerenana indray ny fizakana ny zom-pirenena malagasy.

Na dia izany aza anefa, dia tsy azo averina hisitraka ny zom-pirenena malagasy na iza na iza raha toa izy ka tsy mitoetra eto Madagasikara amin'ny fotoana amerenana ny zom-pirenena.

Andininy 33.- Anjaran'ny mpangataka ny famerenana ny fizakana ny zom-pirenena ny mitondra ny porofo ny mahaMalagasy azy.

Andininy 34.- Tsy azo averina hisitraka ny zom-pirenena malagasy ny olona izay notsoahana taminy izany raha tsy hoe nahazo famerenan-jo ara-pitsarana izy raha toa ka fanasaziana no anton'ny fanesorana.

Andininy 35.- Ny olona tondroin'ny andininy teo aloha dia mety hahazo ny famerenana indray ny fizakana ny zom-pirenena, raha toa ka hatramin'ny fanesorana azy izy, no nanao raharaha manokana sy miavaka ho an'ny Firenena na raha toa ny famerenana ny zom-pirenena malagasy aminy ka miteraka tombontsoa manokana ho an'i Madagasikara.

Ho amin'izany, dia raisina eo anivon'ny Filankevitry ny Minisitry ny didim-panjakana.

LOHATENY V
NY AMIN'IREO FEPETRA SY NY ENDRIK'IREO SORA-DRAHARAHA MIKASIKA NY
FAHAZOANA SY NY FAHAVEREZAN'NY ZOM-PIRENENA MALAGASY

Toko voalohany
Fepetra iombonana

Andininy 36.- Raha toa ny Governemanta ka maniry hanohitra amin'ny alàlan'ny didim-panjakana ny fahazoana ny zom-pirenena malagasy, hanohy ny fanesorana ny zom-pirenena malagasy na hanafoana didim-panjakana nanomezana zom-pirenena, dia ampahafantariny ny voakasika izany fepetra heveriny izany, na amin'ny alàlan'ny fampahafantarana omena azy na avantana amin'ny trano fonenany izay fantatra, na amin'ny alàlan'ny fampahafantarana ny besinimaro amin'ny alàlan'ny *Gazetim-panjakan'*ny Repoblika.

Manana fahafahana ny voakasika, ao anatin'ny fepotoana ferana ho telo volana, mba hampita amin'ny Ministeran'ny Fitsarana ireo antontan-taratasy fanamarinana sy fehin-kevitra.

Andininy 37.- Raha toa ka heverin'ny Minisitry ny Fitsarana fa tsy azo raisina ny fangatahana zom-pirenena na ny famerenana indray ny zom-pirenena diatsy maintsy omban'antony ny fanapahan-keviny.

Torak'izany ihany koa no atao raha toa ka manonona ny fitsipahana ny fangataham-pisitrahana na ny famerenana indray ny zom-pirenena na ny fangatahana ataomba hahazoana ny fanomezan-dàlana hanary ny zom-pirenena malagasy.

Na manao ahoana na manao ahoana, dia tsy maintsy ampahafantarina ny voakasika ny fanapahan-kevitra noraisina.

Andininy 38.- Ireo didim-panjakana nanomezana, nanariana, namerenana indray sy nanesorana ny zom-pirenena dia ampahafantarina ny besinimaro amin'ny *Gazetim-panjakan'*ny Repoblika.

Manankery amin'ny fotoana nanaovan-tsonia azy ireo didim-panjakana ireo.

Toko II
Ireo fitsipika manokana mikasika ireo fanambarana
mbahazoana ny zom-pirenena

Andininy 39.- Ankoatra ny tranga tondroin'ny andininy 12 amin'izao lalàna izao, ny fanambarana rehetra mba hahazoana ny zom-pirenena malagasy dia apetraka manoloana ny Filohan'ny Fitsarana ambaratonga voalohany misy ny toeram-ponenan'ny mpangataka.

Raha toa ka any ivelany ny mpangataka, ny fanambarana dia apetraka eo anivon'ireo masoivohon'i Madagasikara.

Na manao ahoana na manao ahoana, ny fanambarana dia atao sosony roa ka ny iray omena ny voakasika ary ny iray ampitaina amin'ny Minisitry ny Fitsarana.

Andininy 40.- Ny fanambarana rehetra mba hahazoana ny zom-pirenena dia tsy maintsy raketina an-tsoratra ao amin'ny Ministeran'ny Fitsarana, raha tsy izany dia foana.

Andininy 41.- Ankoatra ny tranga ambaran'ny andininy 14 amin'izao lalàna izao, raha toa ka tsy mahafeno ireo fepetra takian'ny lalàna ny mpanambara, dia tsy maintsy lavin'ny Minisitry ny Fitsarana ny firaketana an-tsoratra ny fanambarana. Izay fanapahan-kevitra fandàvana izany dia ampahafantarina ny voakasika miaraka amin'ireo antony, ka azony atao ny mitory manoloana ny Fitsarana ambaratonga voalohany. Ity farany no manapaka ny fanankerezana na ny maha-foana ny fanambarana.

Tsy azo raisina intsony ny fitoriana aorian'ny fepotoana maharitra enim-bolana na, raha toany mpanambara kamonina any ivelany, dia fepotoana iray taona miantomboka amin'ny fampahafantarana ny fandavana amin'ny voakasika.

Andininy 42.- Raha toa ka, amin'ny fahataperan'ny fepotoana iray taona aorian'ny vaninandro nametrahana ny fanambarana, tsy nisy fanapahan-kevitra momba ny fandàvana ny fanoratana an-tsoratra na didim-panjakana nanaovan'ny Governemanta fitsipahana, ny Minisitry ny Fitsarana dia tsy maintsy manome ny mpanambara ny dikamitovin'ny fanambarany izay misy ny fanondroana ny fanoratana an-tsoratra notontosaina.

Ireo fanambarana voarakitra an-tsoratra dia ampahafantarina ny besinimaro ny sombiny amin'ny alàlan'ny *Gazetim-panjakan'*ny Repoblika ao anatin'ny fepotoana tsy mihoatra ny enim-bolana miantomboka amin'ny vaninandro nanomezana ny dikamitovin'ny fanambaranaamin'ny mpanambara.

Andininy 43.-Raha tsy hoe efa namoaka didy raikitra momba ny tranga voatondron'ny andininy 41 amin'izao lalàna izao ny Fitsarana ambaratonga ambony, ny fanankerezan'ny fanambarana voarakitra an-tsoratra dia azon'ny Fampanoavana na izay olona rehetra voakasika toherina ao anatin'ny fepotoana maharitra iray taona.

Toko III

Ny amin'ireo fitsipika manokana momba ny fanomezana ny zom-pirenena avy amin'ny manam-pahefana na ny famerenana indray ny zom-pirenena

Andininy 44.- Raha toa ka tsy feno ireo fepetra takiana mikasika ny famerenana indray ny zom-pirenena na ny fanomezana zom-pirenena avy amin'ny manam-pahefana, aorian'ny didim-panjakana mifandraika amin'izany, ity farany dia azo foanana anatin'ny fepotoana maharitra iray taona miantomboka amin'ny vaninandro nampahafantarana azy ny besinimaro.

Andininy 45.- Raha misy olona izay ninia nanao fanambarana ombam-pitaka, nanolotra antontan-taratasy mandainga na diso na nanao fitaka mba hahazoana ny zom-pirenena avy amin'ny manam-pahefana na hamerenana indray ny zom-pirenena, ny didim-panjakana noraisina momba izany dia azo foanana.

Ny didim-panjakana fanesorana dia tsy maintsy raisina ao anatin'ny fepotoana maharitra iray taona miantomboka amin'ny fahitàna ny hosoka.

Andininy 46.- Ny olona rehetra izay, vokatry ny fanomezana-karama, fampanantenana na tombontsoa na manao ahoana na manao ahoana, mivantana na tsy mivantana, na dia tsy nifanarahana mialoha aza, manome, nanaiky na manaiky hampindrana amin'ny vahiny iray eo am-pangatahana ny fanomezana na ny famerenana indray ny zom-pirenena, amin'ny alàlan'ny fanelanelanana ataony amin'ny fitondran-draharaham-panjakana na ny manampahefana ara-panjakana mba hanamorana am-pitaka ny fahazoana ny zom-pirenena malagasy dia saziàna higadra iray hatramin'ny telo taona sy handoa onitra telo hetsy Ariary (Ar 300.000) hatramin'ny telo tapitrisa Ariary (Ar 3.000.000), ankoatra ny fampiharana ireo sazy henjana voatondron'ireo fepetra hafa.

Ampiharina ihany koa izany sazy izany ho an'ny vahiny izay nanome ny karama, nanao fampanantenana na nanome tombontsoa voalazan'ny andàlana etsy aloha ho amin'izany.

Andininy 47.- Ireo fifanarahana rehetra izay mikendry ny hanamora ho an'ny vahiny iray, araka ireo voalazan'ny andininy teo aloha, ny fanomezana na ny famerenana indray ny zom-pirenena malagasy, dia foana toy ny mifanohitra amin'ny filaminam-bahoaka ary giazana ireo vola narotsaka ho fanatanterahana izany.

Izay didim-panjakana rehetra noraisina taorian'ny fifanarahana toy izany dia foanana ao anatin'ny fepotoana maharitra iray taona miantomboka amin'ny didy fanamelohana noraisina araka ireo fepetra voalazan'ny andininy 46 amin'izao lalàna izao.

LOHATENY VI NY AMIN'NY FIFANOLANANA MOMBA NY ZOM-PIRENENA

Toko voalohany Ny amin'ny tandrifim-pahefan'ireo fitsarana momba ny ady madio

Andininy 48.- Ny Fitsarana ambaratonga voalohany no mahefa, hitsara ireo fifanolanana mikasika ny zom-pirenena.

Andininy 49.- Ireo fifanolanana mikasika ny zom-pirenena dia mametraka manoloana ireo fitsarana hafa rehetra fanontaniana mialoha izay manery ny mpitsara hampihantona ny raharaha ambarapaha-voavahan'izany fanontaniana izany araka ireo fombafomba tondroin'ireo andininy 52 sy ny manaraka amin'izao lalàna izao.

Ny fanondroana ny tsy fananana ny zom-pirenena malagasy sy ny fanondroana ny fahaterahana ivelan'ny firenena dia mahakasika ny filaminam-bahoaka ; tsy maintsy ambaran'ny mpitsara avy hatrany izy ireo.

Andininy 50.-Raha toa ny fanondroana ny tsy fananana ny zom-pirenena malagasy na ny fahaterahana ivelan'ny firenena ka naroso manoloana ny fitsarana fanamelohana, ity fitsarana ity dia mampita izany eo anoloan'ny Fitsarana mahefa anatin'ny roa volana, na ny ankilany manambara ny tsy fananana na ny Fampanoavana raha toa ny voakasika ka manana taratasy fanamarinana ny fizakàna ny zom-pirenena malagasy izay nomena araka ireo andininy 65 hatramin'ny 67 amin'izao lalàna izao.

Ny fitsarana fanamelohana dia miato tsy mitsara ambaram-pivahan'ny fanontaniana momba ny zom-pirenena na ambarapaha-tapitry ny fepotoana voalaza etsy ambony raha toa ny Fitsarana ka tsy noraisina.

Andininy 51.- Entina manoloana ny Fitsarana mahefa eo an-toerana ny fitoriana, na raha toa ka tsy izany, manoloana ny Fitsarana mahefa hoan'ny toeram-ponenan'ny olona izay voatohina ny zom-pireneny na, raha toa ka tsy manana trano na toeram-ponenana eto Madagasikara, dia manoloana ny Fitsarana ao Antananarivo.

Toko II

Ny amin'ny paikady manoloana ireo Fitsarana ady madio

Andininy 52.- Ny Fitsarana ambaratonga voalohany dia raisina amin'ny alàlan'ny fiantsoana maika, ankoatra ireo tranga izay aneken'ny lalàna miharihary ny mpitory hanao izany amin'ny alàlan'ny fitoriana, araka ireo andininy 135 sy ny manaraka amin'ny Fehezan-dalàna momba ny paikady fampihatra amin'ny fitsarana ady madio.

Andininy 53.- Ny olona rehetra dia afaka mampiditra famakiana ady manoloana ny Fitsarana ambaratonga voalohany avokoa ka ny antony voalohany sy mivantana dia ny hitsarana fa manana na tsy manana ny zom-pirenena malagasy izy. Ampahafantariny ho amin'izany ny Tonia mpampanoa lalàna izay, ankoatra ireo fepetra mifanohitra, dia izy irery ihany no manana ny fahafahana mba hiaro ny fitoriana ankoatra ny zon'ireo olon-kafa voakasika hisehatra.

Andininy 54.- Ny Tonia Mpampanoa lalàna irery ihany no afaka manao fitoriana miantefa amin'ny olona rehetra izay ny antony voalohany sy mivantana dia ny hanamarinana fa ny ankilany dia manana na tsy manana ny zom-pirenena malagasy, ankoatra ny zo ananan'izay vokasika rehetra hisehatra amin'ny fitoriana na hanohitra ny mampitombina ny fanambarana voarakitra an-tsoratra, araka ny andininy 43 amin'izao lalàna izao.

Andininy 55.- Ny Tonia Mpampanoa Lalàna dia tsy maintsy mamaly raha toa izy ka notakian'ny fitondran-draharaham-panjakana na ny olon-kafa ivelany izay nanambara ny tsy fananana ny zom-pirenena manoloana ny Fitsarana izay niato tsy hitsara ho fampiharana ny andininy 50 amin'izao lalàna izao.

Ny olon-kafa mpangataka dia tsy maintsy ampidirina ary ankoatra ny fahazoany fanampiana ara-pitsarana, dia mandoa antoka sy ireo saram-pitsarana ary koa ireo onitra izay mety hihatra aminy.

Andininy 56.- Raha toa ka ny Fanjakana no andaniny manoloana ny Fitsarana izay nametrahana fanontaniana momba ny zom-pirenena an-tsisiny, dia ny Tonia Mpampanoa lalàna ihany no afaka misolo tena azy ny amin'izay mahakasika ny fanoherana momba ny zom-pirenena.

Raha toa izy ka tsy andaniny, dia miditra an-tsehatra hatrany ny Fampanoavana.

Na manao ahoana na manao ahoana, ny Fitsarana dia tsy afaka manapaka raha tsy eo ampahitana ireo fehin-kevitra voasoratra.

Andininy 57.- Amin'ireo raharaha izay manana antony na mivantana na ankolaka ny fanoherana mikasika ny zom-pirenena, dia apetraka any amin'ny Ministeran'ny Fitsarana ny dikamitovin'ny fiantsoana maika na ny fitoriana.

Ambara ho tsy azo raisina ireo fangatahana rehetra izay tsy nampiarahina ny fanamarinana izany fametrahana izany.

Tsy misy fanapahana momba ny vontoaingy azo atao mialoha ny fahataperan'ny fepotoana maharitra telo volana miantomboka amin'izany fametrahana izany. Na dia izany aza anefa dia azo ahena ho iray volana izany fepotoana izany raha toany fanoherana momba ny zom-pirenena ka nanaovana fanontaniana mialoha manoloana ny fitsarana mitsara ny raharaham-pitsarana.

Azo ampiharina amin'ireo fangatahana fanovana didy ireo fepetra entin'izao andininy izao.

Andininy 58.-Ireo fanapahana entin'ireo fitsarana fanamelohana dia tsy azo raisina ho toy ny didy raikitra mikasika ny fizakàna zom-pirenena raha toa ka tsy mbola nilaza ny heviny ny Fitsarana ady madio, araka ireo fepetra entin'ny andininy 50 amin'izao lalàna izao.

Toko III

Ny amin'ny porofon'ny zom-pirenena manoloana ireo fitsarana momba ny ady madio

Andininy 59.-Raha toa ka misy resaka zom-pirenena mipetraka, ny fanomezana porofo, araka ny lalàna iombonana, dia anjaran'ny :

- na izay milaza fa mananana tsia ny zom-pirenena malagasy ;
- na izay milaza fa ny olona iray dia mizaka na tsia ny zom-pirenena malagasy.

Ny taratasy fanamarinana ny zom-pirenena, izay nomena araka ireo fepetra entin'ireo andininy 65 sy ny manaraka, dia azo itokisana raha tsy hoe misy porofo mifanohitra momba ny zom-pirenena malagasy.

Andininy 60.- Raha toa ny zom-pirenena malagasy ka tsy afaka porofoina afa-tsy amin'ny alàlan'ny fianahana, dia tondroina ho mipetraka izany, raha tsy hoe misy porofo mifanohitra, raha toa ny voakasika sy ny ray na ny reny afaka mamindra izany aminy ka nisitraka tsy ankiato ny fananan-toetoetra ho Malagasy.

Andininy 61.- Ny fahazoana ny zom-pirenena avy amin'ny fanambaran'ny voakasika na avy amin'ny fanapahan-kevitra ny manam-pahefana dia porofoina avy amin'ny alàlan'ny famoahana, arakaraka ny zava-misy, ny sosony iray amin'ny fanambarana fanomezana na ny dikamitovin'ny didim-panjakana nanomezana na namerenana indray ny zom-pirenena.

Ny porofo dia azo tontosaina ihany koa amin'ny alàlan'ny famoahana ny *Gazetim-panjakana* izay nentina nampahafantarana ny besinimaro ireo sora-draharaha ireo.

Raha toa ka tsy afaka ampitaina ireo antontan-taratasy ireo, dia azo atao ny manolo azy ireo amin'ny alàlan'ny famoahan'ny Minisitry ny Fitsarana taratasy fanamarinana ho an'ny mpangataka izay manamarina fa ny fanambarana dia natao sy noraketina an-tsoratra na koa noraisina ny didim-panjakana.

Andininy 62.- Ny porofo momba ny fanariana ny zom-pirenena malagasy dia hefaina araka izany endrika izany ihany koa.

Ny porofo fa ny fanambarana dia tsy voarakitra an-tsoratra dia tsy azo tontosaina raha tsy amin'ny alàlan'ny taratasy fanamarinana omen'ny Minisitry ny Fitsarana amin'ny mpangataka.

Andininy 63.- Raha toa ny fanesorana ny zom-pirenena malagasy ka vokatry ny didim-panjakana noraisina araka ireo fepetra entin'ny lohateny IV toko II amin'izao lalàna izao, ny porofo momba izany didim-panjakana izany dia atao araka ireo fepetra voalazan'ny andininy 61 amin'izao lalàna izao.

Ny fahaverezan'ny zom-pirenena voalazan'ny lohateny IV toko voalohany amin'izao lalàna izao dia porofoina amin'ny alàlan'ny fampahafantarana ny besinimaro ny fanambarana ao amin'ny *Gazetim-panjakan'*ny Repoblika.

Andininy 64.- Ankoatra ireo tranga fahaverezana na fanesorana ny zom-pirenena malagasy, ny porofo momba ny fahaterahana ivelan'ny firenena dia azo atao amin'ireo fomba rehetra.

Na dia izany aza anefa, ny porofon'ny fahaterahan'ny olona iray ivelan'ny firenena izay manana ny toetoetra maha-Malagasy dia azo tontosaina amin'ny alàlan'ny fanaporofaana fa ny voakasika dia tsy mahafeno na dia iray aza amin'ireo fepetra takian'ny lalàna mba hisitrahana ny zom-pirenena malagasy.

Toko IV

Ny amin'ny taratasy fanamarinana ny zom-pirenena malagasy

Andininy 65.- Ny Filohan'ny Fitsarana ambaratonga voalohany irery ihany no manana fahafahana hanome ny taratasy fanamarinana ny zom-pirenena malagasy ho an'ny olona rehetra izay manamarina fa manana izany zom-pirenena izany.

Andininy 66.- Ny taratasy fanamarinana ny zom-pirenena dia manondro, araka ireo lohateny II, III sy IV amin'izao lalàna izao, ireo singa raisina mba hilazana fa ny voakasika dia Malagasy, ireo fepetra fampihatra entin'ny lalàna ary koa ireo antontan-taratasy izay ilaina mba hoenti-milaza izany.

Andininy 67.- Raha toa ka laviny ny fanomezana ny taratasy fanamarinana ny zom-pirenena, ny Filohan'ny Fitsarana ambaratonga voalohany dia tsy maintsy manambara ny anton'izany fanapahan-keviny izany.

Azon'ny voakasika atao ny mifandray amin'ny Minisitry ny Fitsarana izay, raha toa ka ilaina izany, dia afaka manome izany taratasy fanamarinana izany.

LOHATENY VII

FEPETRA SAMIHAFANA SY FARANY

Andininy 68.- Ireo fepetra mikasika ny zom-pirenena voalazan'ireo fifanarahana iraisam-pirenena nankatoavina sy nampahafantarina ny besinimaro dia mihatra avy hatrany araka ireo fepetra entin'ny andininy 137 andalana 4 amin'ny Lalàmpanorenana.

Andininy 69.- Raha toa ny fiovàna zom-pirenena ka voatondron'ireo fepetra entin'ny fifanarahana iraisam-pirenena ho safidy, izany safidy izany dia faritana amin'ny endriny araka ny lalàn'ny firenena nankato izay ampiharana azy.

Andininy 70.-Ferana amin'ny alàlan'ny didy amam-pitsipika ireo fombafomba fampiharana ireo fepetra sasantsasany amin'izao lalàna izao.

Andininy 71.-Foanana ary dia foana ireo fepetra rehetra teo aloha ka mifanohitra amin'izao lalàna izao, indrindra ny an'ny hitsivolana laharana faha-60-064 tamin'ny 22 jolay 1960, novaina sy nofenoin'ny lalàna laharana faha-61-052 tamin'ny 13 desambra 1961, ny lalàna laharana faha-62-005 tamin'ny 6 jona 1962, ny hitsivolana laharana faha-73-049 tamin'ny 27 aogositra 1973, ny lalàna laharana faha-95-021 tamin'ny 18 septambra 1995 ary ny lalàna laharana faha-2016-038 tamin'ny 25 janoary 2017, anaovana Fehezan-dalàna momba ny zom-pirenena malagasy.

Andininy 72.- Hampahafantarina ny besimimaro amin'ny *Gazetim-panjakan'*ny Repoblika izao lalàna izao.

Hotanterahina izany fa lalàm-panjakana.

Natao tao Antananarivo, ny 10 marsa 2021

Manao Sonia:

Ny Solombavambahoaka FIAROVANA Lovanirina Célestin sy ireo namany miisa 12 hafa.